


VIII.

FETY, LANONANA, MANAMPAHEFANA



Teny an-drenivohitra

Tena zavatra izay adibaolina hitanay teny an-drenivohitra izay. Ny ekipa anankiroa malaza indrindra eto amin'ny faritany ary nandresy ireo ekipa rehetra nifanandrina taminy no nikatroka. Izay mandresy amin'izireo hono, no champion amin'ity taona ity.

Feno olona ny sehatra sy ny manodidina rehetra raha vao tsy ampy tamin'ny roa akory. Amin'ny telo famantaranandro anefa no hanomboka ny ekipa hiady ny championnat. Nisy ekipa zandriny nilalao aloha ho fanalan'ny mpijery hamohamo.

Vita ny adin'ny ekipa zandriny : mihetsiketsika am-pitoerana ny mpijery. Indreny ary ny nandrasana : tehaka no nirefodrefotra niarahaba ireo mpilalao izay nanao laikely namonjy ny toeram-pilalaovana.

Vao velona ny fililiotra, dia iny fa hazakaza-dava, horakoraka tsy miato. Mbetika miara-mianatsimo, mbetika miara-mianavaratra ny mpilalao manaraka ny baolina. Mbetika koa ny baolina mikodia amin'ny tany mbetika misavoana eny an-danitra. Ny fililiotra amin'izany maneno ombieny ombieny. Isaky ny tafiditra amin'ny harato ny baolina, dia velona ny mozika.

Ady sahala no niafaran'ny lalao, na dia nisy fanalavam-potoana. Efa maizimaizina vao nirava teo. Asa izay handresy amin'ny famerenana.

Hazavao : adibaolina — ekipa zandriny — nifanandrina — champion, championnat — sehatra — fililiotra — laikely

Ohabolana : Adin'ombilahin'ny mpianakavy, ny maharesy tsy hobena ary ny resy tsy akoraina.



Ny toaka

Poizina manimba ny tena ny toaka, saingy sotroin'ny olona ihany. Maharikoriko sady mahamenatra ny mahita olona mamo, fa toy ny olona adala mihitsy, sanatria : tsy mari-pamindra, miteniteny foana.

Nalaza ho lehilahy hendry Andrianampoinimerina ary naha-tsapa fa ratsy ny toaka. Betsaka ny olona tsy nino ny teniny.

Nampaka omby faran'izay matanjaka sy saingona tsara izy indray andro, ary nampamory ny vahoaka, samy nasainy njery ny toe-javatra hitranga. Nasainy nobobohina toaka ilay omby hahitana izay hahazo azy. Mamo tanteraka ilay biby matanjaka teo ka tsy nahazaka tena intsony, fa nony ndeha hiarina dia potraka. Nihonaka no niasfarany ary tsy ampy toy inona dia maty.

Nasain'Andrianampoinimerina norasaina izy hijerena izay fiovana tao anatiny. Masaka tanteraka ny atin'ilay omby ary nomena hodininihin'ny olon-drehetra.

— Iza aminareo no mihambo ho matanjaka mihoatra ny omby, hoy izy ? Jereo anefa ny nahazo iny biby matanjaka iny : Tsy ampy toy inona dia maty niaraha-nahita izy.

— Olon-kendry hianareo, ka mino aho fa tsy hiandry kabary lava intsony vao hahafantatra izay tiako hampianarina anareo.

Raha olombelona mitandro ny fahasalamany sy ny hajany, dia tokony hanalavitra ny fisotro mety mahamamo !

Hazavao : maharikoriko — tsy mari-pamindra — saingona —
nihonaka — fisotro mahamamo

Ohabolana : Adaladala toa zokim-bomanga, ny lehibe indray no mihosin-davenona.

Olo-malaza sy olomahay

Mpanjaka no manampahefana teto Madagaskara taloha. Isan'ny namela tantara malaza indrindra Andrianampoinimerina, mpanjaka tany Imerina.

Nikoizana ny fahamarinany, ny fahazotoany, ny fahendreny, ny fanavahany ny soa sy ny ratsy, ny mampisondrotra sy ny manambany. Namporisika ny asatany izy ka nampanao fefiloha betsaka, ahazoana manova ho tanimbary ireo farihy sy petsapetsa. Nosaziny ny olona kamo, ka tsy miasa. Angady no nomeny ny mpangataka.

Namaritra ny zo sy ny adidy ary ny andraikitry ny fokonolona izy. Fantany ny fitondrantena sy ny fitsipika harahina mba ho salama. Nanao didy henjana momba ny toaka sy ny paraky izy. Nigagàna ny lalàna nosoroniny izay hita fa mifanaraka indrindra amin'ny toe-pandrosoana. Olona malaza tokoa Andrianampoinimerina.

Misy koa ny atao hoe : olomahay izay fototra nahazoana ny fomba rehetra manampy antsika amin'ny fiainantsika. Ny fikarohan'ny olomahay no nahavitany ny aeroplanina, ny ôtômôbilina, ny milina isan-karazany.

Raha tsy ireo olomahay ireo dia tsy ho nisy, na ny jiro manazava antsika amin'ny alina na ny ravindamba maro dia maro anaovantsika fitafiana. Tsy ho nisy ny sekoly sy ny fiasana rehetra aty an-tsekoly : boky, penina, raha tsy ireo olomahay ireo.


Betsaka ny arentina mahazo ny olombelona, betsaka koa anefa ireo fanafody izay entina handresy azy. Ny olomahay ihany no mbola mikaroka andro aman'alina manatsara tsy mijanona ny karazam-panafody.

Ny fianarana ihany no mampahay, ary adala izay olona tsy manao izay trathy ny ainy mba ho tonga mahay.

Hazavao : manampahefana — mampisondrotra — manambany — zo — adidy — andraikitra — didy henjana — fototra

100

Ohabolana : Raha manao no tsy ambinina ampisambory fa havana ory, fa raha miraviravy tanana tsy manao, avelao hivarina aman-tany.



Ny lehiben'ny fampianarana

Teo am-panaovana sora-tononina indrindra ny cours moyen no nisy ôtômôbilina nijanona tao an-tokotany. Ary dia nisy olona niditra, efa bebe taona.

Niara-nitsangana toa olona iray izahay rehetra : efa zatra ny tsy maintsy mitsangana manko raha vao misy olona miditra.

Nitsena ilay vahiny teo am-baravarana ny mpampianatra. Nilaza ilay olona hoe : izaho no lehiben'ny fampianarana vaovao eto amin'ny faritany.

Niontana iray ny ambavafoko, fa natahotra aho. Nojereko ny mpampianatra, nefà tony dia tony ery ny endriny.

Tohizo ny asanao, hoy ilay lehibe.

Toa nangovitra kely ny feon'ny mpampianatra. Hita ho samy nitandrina tsara avokoa izahay. Nangalarako fijery kosa ny lehibe ka nipetraka teo amin'ny sezà ary namadibadika ny rejistra sy ny kahie.

Nandehandeha teny aminay izy nony avy eo nijerijery izay nataonay. Nisy mpianatra vitsivitsy nohadininy.


Elabe no nijanona tao aminay, nefà farany, dia nilaza izy fa tsara, ary nanao veloma anay.

Miramirana ny endrikay rehetra nony efa lasa izy.

Hazavao : tony — nangalarako fijery

Ohabolana : Izay mahavangivangy tian-kavana.

101



Ny fampisehoana ôtômôbilina

Nisy fifaninanana momba ny fanatanjahan-tena tany Antananarivo. Ny mpianatra ihany no nahazo nandray anjara tamin'izany. Isan'ny voafidy ho any Rakotobe zokinay, satria haingampandeha mihitsy amin'ny hazakazaka.


Sendra tamin'io fotoana fifaninanana io no nisy koa ny fampisehoana ny ôtômôbilina. Nanoratra taminay Rakotobe momba io :

Maro karazana hono ny ôtômôbilina aseho ao. Avela hojeren'ny olona tsara ny atin'ny motera, ny seza, ny kojakojany rehetra. Misy olona tsy miala eo akaikin'ny ôtô, vonona hanome ny fanzavana rehetra ilain'ny mpijery.

Misy zavatra hafa koa aseho, dia ny radiô hono, sy ny fomba-fomba azo ampiasaina amin'ny ôtô.

Toa tsy ho simba mihitsy hono ireo ôtô rehetra ireo, raha tombanana amin'ny tarehiny.

Sambatra Rakotobe nahita izany fampisehoana mahafinaritra izany.



Taombaovao

Taombaovao ny andro. Izay aleha rehetra dia andrenesana ny hoe « Arahaba trathy ny taona » sy ny hoe « Samy ho tahi'Andriamanitra anie » na ny hoe : « Ho inarivo trathy ny taona anie isika mianakavy ».

Tsy ifandrenesana ny tsotsoka sy ny farara eran'ny tanàna. Ny ankizy mitsoka ny kilalao vao novidin-draiemandreniny ho azy izany mankarenintsofina izany.

Mivezivezy tsy mijanona ny olona mivimbina na misakelika vorona na zavatra mifono hatao fanatitra ho fiarahabana ny havana aman-tsakaiza.

Mankalilo sofina ny feon'akoho amam-borona maneno eran'ny tsena. Andro iray toa zato mantsy io andro io ka samy miomana avokoa ny hankalaza azy any an-tokantranony avy ny olona; ary samy mividy vorona hanaovana sakafo taombaovao.

Mitety trano ny mpitsoka mozika na ny mpitsoka sodina manao hira. Izany no mba fomba fiarabany ny olon-drehetra. Ny olona tompon-trano kosa dia manome tolotra kely ho azireo.

Izany no hita eny an-tanandehibe amin'ny taombaovao. Eny ambanivohitra kosa, adiny iray na roa dia tapitra mifankahita sy mifampiarahaba avokoa ny mponina manontolo ao an-tanàna. Avy eo dia mitohy toy ny andavanandro ny asa aman-draharaoha.

Hazavao : andrenesana — inarivo — tsotsoka — farara —
fanatitra — mankalilo — sodina

Ohabolana : Aleo sosoa ampian-tsetsetra toy izay hena ritra arahindromoromo.



Ny adibaolina

Raha hendry tsara hianareo, hoy Idada, dia hijaraka amiko hijery baolina rahariva.

— Ho hendry tsara izahay telo lahy, ry Idada.

Vao avy nisakafo kelikely, dia vaomana izahay sy Indriana. Inaivo sy Izanany koa dia samy niakanjo tsara.

— Angaha ny vehivavy koa mba hijery baolina, hoy Isoanaivo, nony nahita an'Izanany izy.

— Tsy maninona raha te-handeha izy, hoy Idada.

Dia izaho irery izany no sisa hiandry trano, hoy Ineny. Satria Isoa tsy maintsy matory foana raha tsy misy ankizy namany. Lasa izahay eni-mianaka. Efa feno olona ny tany filalaovana, nefà nahita toerana tsara izahay.

Indreny ny mpilalao tonga teo amin'ny kianja voarakotra ahimaitso. Samihafa ny fitafian'ny mpilalao : ny ankilany mena, ny andaniny vony.

Nifanenjehany nodakana ny baolina, ka mbetika mianatsimo, mbetika mianavaratra.

Nahatafiditra ny mena... Nihoraka ny mpijery. Nitohy ny lalao.

Nahatafiditra indray ny mena... Dia nifandimbindingby teo.

Valo sy telo no nisarahana, ary ny mena na nandresy.

Izanany natory, fa tsy mba nanaraka ny lalao. Efa hody izahay vao taitra izy.

Asa izay mba nandehanany niaraka taminay hijery baolina!

Hazavao : voaomana — kianja voarakotra ahimaitso —
ny andaniny — manaraka ny lalao

Ohabolana : Ataovy adin'ombilahin'ny mpianakavy ny mahery tsy hobena,
ny resy tsy akoraina.



Ny Croix Rouge

Nifanena taminay Razanany mipetraka eo akaikinay. Nitrotro ny zanany vao menavava izy.

Avy taiza hianareo mianaka, hoy Ineny. Dre! ratsiratsy ery ity Ibozikely! Inona no omenao azy?

— Minono amiko ihany izy ary ampiana ronono kely. Vao avy any amin'ny Croix Rouge izahay mianaka.

— Hay moa zoma tokoa anio! hoy Ineny.

Dia nisaraka samy nanohy ny diany avy izahay.

Aiza izany Croix Rouge izany ry Ineny? hoy aho.

Fa angaha tsy mbola fantatrao? Ary amin'ny dispensaire, nitondrako anao naka fanafody indray mandeha.

Isan-joma dia samy mitondra ny zanany madinika ao avokoa ny reny rehetra. Hatramin'ny vao teraka ka hatramin'ny dimy taonq.

Lanjaina hijerena ny fitombony, dia omena ronono hanampy na hasolo ny nonon-dreniny. Omena siramamy sy sakaf hafa ary omena nivaquine. Izay sendra manavy na marary dia omen'ny dokotera ny fanafody mahasitrana azy.

— Tsaroako tokoa ry Ineny fa nentinao tany aho efa elabe izay.

— Vao roa taona izay. Izao hianao efa lehibe sady salama tsara, ka tsy entiko any isan-joma intsony. Fa mbola tohin'ny fitaizana anao ireny nivaquine omen'ny mpampianatra anareo isan-kerinandro ireny.

Hazavao : ratsiratsy — ronono — dispensaire — lanjaina — nivaquine

Ohabolana : Ny zaza : entina folo volana, isotroan-drano tsy tiana, iankinan-drindrina ireny.



Fanasana

Nasain'ny sakaizan'Idada hisakafo any aminy izahay mianakavy indray andro.

Nanafatrafatra Ineny : Hendre tsara, rankizy. Tandremo sao mipelipelika any an-tranon'olona any. Ary sao dia mamosibosika toy ny olona efa matimosary. Tandremo koa mba tsy ho latsaka amin'ny latabatra ny vary sy ny ro. Aza fenoina loatra ny sotrokely ary aza manatanatana vava be.

Dia tonga tany amin-dry zareo izahay.

Vita ny arahaba ary nony nipetraka kely foana dia nantsoina hiditra izahay nony vonona ny sakafo. Lehibe ny efitra fisaka-foanana, ary lehibe koa ny latabatra. Samy nipetraka tamin'ny seza notondroin'ny tompon-trano izahay, ary nikendry tokoa mba tsy hanan-tsiny na amin'inona na amin'inona. Nilamina tsara izahay ankizy ary tsy nisy niteny na nandona vilia tamin'ny sotro na forosety. Niresaka ny olon-dehibe, ary izahay kosa, nihaino fotsiny.

Nahazo alalana hivoaka izahay ankizy, nony nahalany ny voankazo sy nisotro ranovola. Ny olondehibe mbola naka toerana tamin'ny fauteuil sy canapé hisotro kafe.

Tsy mba azoazoko loatra ny misakafo any an-tranon'olona, satria matahotra mafy ny handoto latabatra aho. Manahy fotsiny anefa aho, fa efa zatra ny mitandrina ihany, saingy toa moramora ny mitandrina ao aminay noho ny any an-tranon-kafa.

Hazavao : mipelipelika — mamosibosika — matimosary —
tsara voatra — mahazo alalana — fauteuil — canapé.

Ohabolana : Ny voky tsy mahaleo ny tsaroana.



Ny hanin-kanina

Tsaroako navesabesatra ny tenako teny an-dalàna rehefa nody avy tany amin'ny fanasana nalehanay. Ary manoatra noho ny olondehibe ny fahitana an'Izanany sy Indriana : tsy mipelipelika toy ny fanaony araky ny maha-ankizy azy.

Tsy naharitra aho fa niteny hoe : Malaindaina aho izany ry Ineny ary toa hitako mitovitovy amin'izany koa izy mianadahy kely.

— Ny sakafo no mahatonga izany, anaka! Tsara am-pihinanana fa sarotra levonina ilay sakafo vao nohanintsika teo. Maivana eo am-bava fa mavesatra any an-kibo! Maro karazana loatra manko, sady matsiro, nefà izany moa no fomba mahazatra fandraisana ny olona asaina, ka heverina ho fanajana ambony azy. Henakisoa menafify, henomby matavy noritina, akoho na vorona natao ladobo, miaraka amin'ny lasosy sy lasary, ary faranana amin'ny mofomamy sy voankazo, ireo rehetra ireo no nasesy hanina, mba hahatonga lafatra ny hanimpitoloha araky ny fitenenana.

— Fianarana anankiray ho anareo koa izany, hoy Idada. Tsy ny mampilendalenda sy matsiro eo am-pihinanana akory no sakafo soa indrindra. Tsy misy toy ny tsotra : hena tsy misy taviny, ary karazana iray monja, ampiana anana tsara masaka, ary faranana amin'ny voankazo. Kendrena tsy ho be menaka loatra ary tsy miandry ho voky mitsinaka, fa raha vao tsy mahatsiaro noana intsony dia mijanon-komana. Tena mahasalama tokoa ireny hanintsika andavanandro ireny!

Nivoady anankampo aho fa hitandrina fatratra, ka handanjalanja izay ho haniko amin'ny ho avy!

Hazavao : mavesabesatra — levonina — matsiro — menafify —
mampilendalenda — mitsinaka

Ohabolana : Trafonkena ome-mahery : am-bava homana, am-po
mieritreritra.



Ny fetin'ny ankizy madinika

Vao maraina dia efa feno vahoaka ny tanana : olondehibe sy ankizy samy mihaingo. Vao vita ny sakafô dia efa namonjy toerana teo amin'ny tribune lampihazo izay tsy te-ho vizaky ny mitsangana.

Tsy ela, dia nihabe ny vahoaka niditra ny stady ary nameno ny sisin'ny tany filalaovam-baolina, sy ny manodidina rehetra.

— Injany heno manatona feo mozika sy dobok'amponga ary indreny fa niditra ny ankizy mitovy akanjo sy miara-mamindra amin'ny ban'ny mozika :

— ny lahy manao kiloty manga ary ny vavy zipo manga, ny akanjo ambony fotsy ranoray.

Dia misy koa andian'ankizy faharoa mitovy akanjo, maitso, mena, fotsy. Dia nisy andiany fahatelo. Dia efatra, dimy. Farany tototra ankizy ny stady ary nanakoako ny mozika, ny sodina, ny amponga.


Nantsoina tsirairay nizarana loka aloha ny zazakely bolangina indrindra. Avy eo dia ny reny maro anaka indrindra. Nohalehibazin'ny fanitarampeo ny antson'ilay mpanonona ka re eran'ny stady manontolo sy tamin'ny manodidina ny stady ny anaran' olona, ny isan-jaza.

— Nandroso teo an-kianja anoloan'ny tribune isan-tsekoly ny mpianatra ary samy nanao ny hira sy ny dihy nomaniny avy.

— Izay nahavita dia mihataka mba handrosoan'ny hafa indray. Masoandro maty no nampalahelo.

Hazavao : tribune, lampihazo — stady — ban'ny mozika —
rano iray — fanitaram-peo

Ohabolana : Dihin-dRenibozy, ka raha tsy mahavaky takotra tsy mijanona.



Ny Avion

Mandalo tsy tapaka eo ambony tanananay, mianavaratra, sy mianatsimo ny avion. Misy ngezabe, misy antonontonony. Misy fotsy, misy manja, misy aza anankiray izay manopy maitso.

Fa tsy mbola nahita avion akaiky mihitsy aho.

Koa hafaliana moa ny ahy raha nilazan'Idada fa hijery avion eny amin'ny aérodrome izahay.

Tiako ho hita tokoa ny aérodrome, indrindra ange fa izay fomba ialan'ny avion ambonin'ny tany na ny fomba ipetrahany. Tiako ho fantatra na toy ny vorona manidina na mipetraka.

Lehibe tokoa ny aérodrome, ary marin-tampona tanteraka. Misy arabe mifanapatapaka malalaka sady mahitsy tokoa.

Kely no fijery ny avion manidina, fa ngeza dia ngeza raha tazanina akaiky.

Kodiarana matevina sady avobe no mikasika ny tany ary mitovy habe amin'ny tafon-trano ny elany sy ny rambony.

Izany izy rehefa hanidina : maneno mankarary sofina, ary misosa haingana dia haingana, vao misondrotra moramora.

Toa tsy mba ho sahy handeha amin'ny avion iny aho !

Hazavao : avion — manopy maitso — aérodrome — ny elany — ny rambony

Ohabolana : Tsy mba tsiriry voron-kanidina fa toy ny tsiriry ahitra mipetraka amin'ny tany.



Ny hirampirenena

Alohan'ny fakana rivotra no asain'ny mpampianatra mihira izahay isan'andro.

Efa mahay hira maromaro ihany izahay, nefà mbola mammaliantra tsy mijanona ny mpampianatra. Isan'ny tiako tokoa ny « hirampirenena ». Vetivety foana dia hainay izy io satria tsy dia sarotra loatra. Mandrisidrisika tokoa ny feony ary mampientantana izaitsizy. Manondrotra ny fo sy ny saina koa ny tonony.

Isa-maraina, eo am-pampakarana ny sainampirenena no ihiranay azy eo an-tokotany. Izay olona rehetra sendra mandalo dia mipoa-tsatroka ary mijoro mandra-pijanon'ny hira.

Tena mahafinaritra lavitra noho ny anaovanay azy ny anaovan'ny mpitsoka mozika azy. Isa-maraina ny Radiô-Tananarivo, dia ny hirampirenena no anombohany ny programa.

Ry Tanindrazanay malala ô	Tahionao ry Zanahary
Ry Madagasikara soa	Ity Nosin-drazanay ity
Ny fitiavanay anao tsy miala	Hiadana sy ho finaritra
Fa ho anao, dia ho anao doria	He sambatra tokoa izahay

Ry Tanindrazanay malala ô	Ry Tanindrazanay malala ô
Irinay mba hanompoana anao	Irinay mba hitahiana anao
Ny tena sy fo, fanahy anananay	Ka ilay nahary izao tontolo izao
Zay saro-bidy sy mendrika tokoa	No fototra ijoroan'ny satanao.

Hazavao : hirampirenena — mandrisidrisika — mampientantana izaitsizy — sainampirenena — manondrotra ny fo sy ny saina

Ohabolana : Hianao no papango ravaky ny vorona, ankihibe mahaleo ny an-tsasany, fela-tanàna mangaika ny rantsana.



Hitsena an-dRakotobe

Hariva Idada vao tafaverina tamin'ny diany. Tsy mba ny foto-diany teny an-drenivohitra no noresahina, fa ilay telegrama.

— Tsy andriko ery izany hahita an-dRakotobe hoy Ineny.
— Te-hitsena azy any Diego aho izany.
— Aiza no hisy vola handehanana any Diego, hoy Idada. Any Toamasina aza tsy ho tonga Ramatoa. Raha mba any Antananarivo ahay.

— Ka na any Antananarivo aza tsy maninona.
— Ho heverina izany Ramatoa.
Dia anton-dresaka teo am-pisakafoana. Iza avy anefa no han-deha ? Iza no hijanona.
— Izao no izy hoy Idada : Hianareo telo mianaka mandeha : Ravao sy Indriana sy Isoa. Rahafakampitso hianareo no miala maraina, ary tonga any Antananarivo amin'ny efatra eo ho eo. Mamantana eny amin'ny gara hianareo, fa amin'ny hariva, amin'ny fito Rakotobe no tonga.

Mandry eny amin-dRalambo hianareo. Handefasana telegrama izy rahampitso dia mitsena anareo telo mianaka ary miara-miandry an-dRakotobe eny amin'ny gara. Izay no nahatapahan'ny resaka.

Sambatra Indriana sy Isoa.

Hazavao : fotodia — eo ho eo

Ohabolana : Ny te-hanana tsy mahaleo ny ambinina.

111



Ny kermesy

Nanao kermesy ny Croix Rouge, ka isan'ny mikarakara Ineny.

— Hankeny amin'ny kermesy daholo isika hoy Idada mba hanamasaka ny zavatra nokarakarain'ny reninareo.

Mifanitsa-kitro ny vahoaka; mahafanina ny horakoraky ny mpitana stand.

Ariary efatra monja ny valopy surprise ary samy mahazo zavatra daholo, hoy ny antsoantso etsy.

Ariary efatra monja ny baolina dimy itorahana ny boatandronono folo mifanongoa. Ka raha voazeranao avokoa izy folo, dia mifidy izay tianao amin'ireto zavatra tsara tarehy ireto hianao, hoy ny antsoantso aroa.

Ariary roa monja ny manety tampena-maso rankizy, ka izay voahetinao dia anao.

Sanganehena izahay dimy mianadahy.

Nomen'Idada ariary folo tsirairay izahay.

Ny soavalikely no nahafinaritra ahy indrindra ka teo aho no mba nividy ny karatra nimerao fito. Ny telopolo anefa no nahazo. Maty ariary roa aho. Tsy nanao intsony aho fa naleoko nihaino ny diska naneno tsy nijanona. Atolotry Rabe ho an-dRakoto... Iny ny diska : « Lehilahy mody ».

Tiako ny kermesy na dia mahafanina sy mandany vola aza.

Hazavao : hanamasaka — mifanitsa-kitro — stand — valopy surprise —
tampena-maso — sanganehena — soavalikely

Ohabolana : Fy ny amalona, fy ny toho, fa ny lelako tsy ataoko jono.



Mahavariana

Nirahin'Ineny haka ny akanjony tany Antananambony izahay sy Indriana.

Nandalo eo akaikin'ny fiangonana ny lalanay ary indreny ôtô-môbilina betsaka mijanona ary olona maro toa miandry zavatra.

Nijoro kely izahay sy Indriana; naneno ny lakolosy ka indreny nivoaka avy ao am-piangonana ankizy maro : ny lahy manao pataloха mainty lava sy palitao kely fotsy, ny vavy miakanjo volomparasy lavabe.

Milahatra teo aloha indrindra kosa ny tovolahy anankiray manao kompile mainty sy kravato fotsy ary zazavavy miakanjo fotsy sady manao saron-doha voaly fotsy no manao fehiloha vonimboasary.

Mpanambady vaovao hono ireny. Misy olona betsaka mahaingo fatratra tokoa nanaraka avy aoriana.

Niditra tao amin'ny ôtômôbilina voaravaka voninkazo fotsy ny mpivady tanora. Ary ny olona sisa rehetra dia samy namonjy ny ôtô mitondra azy avy. Dia nandeha nanao valala manjohy niadana ny ôtô rehetra ka ny an'ny mpivady vao no nitaridalana.

Nahafinaritra ny mahita azy.

— Ndao haingana hoy Indriana, fa nilalao an-dalana isika.

— Tsia hoy aho, fa raha manontany ny nahavariana antsika Ineny, dia ho lazantsika amin'ny marina, ary hino izy fa variana nitazana ôtô betsaka sy tsara tarehy isika.

Hazavao : Kompile — fehiloha — mahaingo — valala manjohy

Ohabolana : Tsy misy tanora natao tsy hivaona, fa rehefa antitra miady lohalika.



Ny foara

Vetindresaky ny olon-dehibe ny foara hatao eny an-drenivohitra amin'ity taona ity. Samy milaza hanao fiomanana fatratra mba hamparesaka tsara azy.

Tonga eo an-tsofin'Indriana izany nony ela ka manontany matetika izy hoe : Inona moa izany foara izany ?

— Fety lehibe ny foara, hoy aho, ary tsena mahavory olona alinkisa, fa mamonjy azy avokoa ny olona avy amin'ny faritany maro. Hita ao ny vokatry ny tany tsara indrindra, ny biby fiompy vaventy sy matavy, ny asa-tànana tonga lafatra, sy ny sisa tsy ary ho voatonona.

— Hatao inona ireo, hoy Indriana.

— Izao no izy hoy Idada : ny mpamboly, ny mpiompy, ny mpanao asa-tànana, dia mampiseho amin'ny besinimaro ny vokatra azony na vitany. Ny fahaizany, ny fahazotoany, ny fikezahany sy ny fahombiazany no tiany hampahafantarina. Mariky ny fandrosoana vitany tamin'ny raharahany avy izany, ary famporisihana ho an'ny mpijery.

Ary mba hitarika ny olona ho tonga, dia mamorona fety sy kilalao.

Enga ka ho tonga haingana ny foara hijereko kilalao, hoy Isoa.

Hazavao : vetindresaka — tonga lafatra — ny besinimaro —
fahombiazana — famporisihana

Ohabolana : Vary iray no nafafy ka vary zato no niakatra



Ny fetin'ny hazo

Hanomana kilalao isika haseho amin'ny fetin'ny hazo, hoy ny mpampianatra taminay.

Faly izahay : tsaroanay manko tamin'ny taona lasa fa efa nisy herinandron'ny hazo.

Nizara zanakazo tamin'ny olona ny lehiben'ny ala ary samy namboly ny azy avokoa. Ny asabotsy kosa dia fety nisy kilalao betsaka. Izahay mpianatra dia nilahatra namindra niaraka tamin'ny mozika, ary nandihy tamin'ny hira mitondra ny lohateny hoe : « Harena be ny ala, ka samia mamboly hazo ».

— Amin'ity taona ity hoy ny mpampianatra, dia ny loza ateraky ny doro-ala sy ny doro-tanety no ho tantaraintsika sy hampiarahintsika amin'ny dihy.

— Ka hianareo mpianatra vaventy dia samia mamorona tonony, ka izay tsara indrindra no ho hiraantsika. Ny rain'Ibeza, mpanao mozika mahay kosa no efa nanaiky hanao ny feony, rehefa omentsika azy ny tononkira.

— Velona ny tokotokon-dresaka tamin'ny mpianatra kilasy voalohany.

Mieritreritra mafy aho amin'izany fomba amoronana tononkira izany. Vetivety foana anefa dia ny hafaliana sy hafinaretana ho hita amin'io fety ho avy io no nalaiko an-tsaina.

Hazavao : hanomana — lehiben'ny ala — tononkira — amoronana

Ohabolana : Ny hazo tokana tsy mba ala.



Ny mpihiragazy

Nanao hasoavana ny ao amin-dRasolo. Nataony maresaka mihitsy, nanasany ny lafy valo ary niantsoany mpanao hiragasy.

Izay aho vao mba nahita akaiky mpanao hiragasy.

Lehilahy enina sy vehivary efatra, hafatsy ny mpively langoraony sy ampongabe ary ny mpitsoka mozika.

Mamirapiratra ery ny fitafiany sady lavabe. Mikopakopaka ny sofintsatroka.

Mampitolagaga ny fitsambikimbikiny sy ny fiolanolan'ny tenany amin'ny dihy.

NotantaraINY tamin'ny hirany ny nahazo ny zaza kamboty anankiray mipetraka tamin-kavana.

Nampahorin'ireo havan-draiamandreniny nitoerany izy. Nampanao viny asa tsy zakan'ny aina nefá kibotapany lava. Noroahiny aza nony farany.

Voatery nikarama Ilaikely ary sendra ny mpampiasa tsara nitondra azy toy ny zanaka. Afaka nianatra izy ary tonga mpanao raharaha ambony.

Nifankahita tamin'ireo havany izy nony efa lehibe, ka menatra reo nony nahatsiaro ny fitondrana ratsy nataony.

Izao no anatra farany : Taizao tsara ny kamboty.

Hazavao : lafy valo — langoraony — ampongabe — nampahorina — kibotapany

Chabolana : Tsy satry ny mandihy mipetraka, fa ny ho entina mitsangana no tsy misy.



Ny radiô

Nitondra vata baoritra salasala misy soratra hoe : « radiô ». Idada rehefa niverina avy any an-drenivohitra.

— Radiô tokoa ve re no ao, hoy Izanany sa vata foana nomen'ny mpivarotra an'Idada hasiany ny zavatra hafa novidiny.

Tsy andrinay ny hijery ny tao anatiny, nefo toa tsy maika ny hanokatra azy Idada.

— Azo ve, hoy Ineny.

— Io izy, hoy ny famalin'Idada. Asa na hanao ahoana. Omany ny sakafso mandra-panokatra azy sy mandra-panaovako ny fomba hampandeha azy.

Navoakan'Idada ny radiô kely tsara tarehy... Samy njery tamin-pahanginana izahay rehetra. Natsotrany ny antena mitohi tohy, dia nopitihiny sady nahodiny ny bouton anankiroa. Nisososo moramora ny radiô, ary nisy feo nihamafy tsimoramora. Vetivety anefa dia nazava be ka re tsara eran'ny trano.

« Antananarivo ihany ity ry mpihaino havana, izay ho renareo amin'ny onjampeo... »

Tehaka sy horaka ny anay ankizy.

— Maharenina, hoy ny feo avon'Idada.


Dia sady nisakafo izahay no nihaino ny radiô. Nifandimby ny hira sy ny filazam-baovao.

— Mahalasa vinany io radiô io, hoy Ineny, niteny moramora.

— Eny hoy Idada. Na aiza na aiza misy fandefasampeo eran'izao tontolo izao, dia ho azontsika henoina amin'io vata kely io.

Hazavao : Radiô — omany — mandra-panokatra —
antena — bouton — onjampeo

Ohabolana : Afaka adidy ny mpiantso, fa ny antsoina no rody marenina.



Miomana handray ny Ministra

Manaovalakanjo madio tsara rahampitso, ary rehefa vita ny fianarantsika, dia handio tsara ny trano fianarana isika ary hamafa ny tokotany vao mody. Ho vetivety ihany izany, satria hitanareo fa madio lalandava ny tranontsika, saingy amin'ity indray mitraka ity dia hatao toy ny lelafina mihitsy, ka tsy hahitana na dia tapak'ahitra faran'izay kely aza.

- Hisy olona ambony ho tonga izay, hoy izahay nifampibitsika.
- Eny, hoy ny mpampianatra, Handalo eto ny Ministry ny Fampianarana hijery anareo, hijery ny fahazotoanareo... Ka tandremo fa mety manadina izy.

« Rahampitso maraina, mandravaka saina ary miomàna fa ho raisintsika amin'ny hiram-pirenena izy ».

Iza moa izany Ministra izany ?

— Ho hitanareo rahampitso izy. Ny mifehy ambony indrindra antsika rehetra. Ny sampandrahahaha vaventy indrindra dia fehezin'ny Ministra. Ao ny Ministry ny Positra, ao ny an'ny Dokotera, ao ny an'ny Miaramila.

Samy naniry ny hahatongavan'ny rahampitso haingana izahay, fa maimay hahita izany olona ambony be izany.

Hazavao : Ministra — olona ambony

Ohabolana : Teny atsy amim-panam-panahy, ka raisin'ny mpisaina.



Tonga ny Ministra

Nahavariana ny nijery ny ankizy, fa samy nadio daholo ? Na dia Ikotovao ilay mpandoto akanjo indrindra aza dia toy ny nolelafina. Maro ny zazavavy nametaka kavina na nitondra firavaka hafa.

Gaga izahay fa efa voaravaka saina ny tavan'ny sekolinay manontolo nefà toy ny andavanandro no nandaozanay azy omaly hariva. Asa angaha izay fotoana nanaovan'ny mpampianatra azy sy izay olona nanampy azy. Voasolo vaovao ilay saina asandratra isa-maraina.

Eo am-piomankomanana hilahatra hiditra izahay no injay feon'ôtômôbilina maro nanatona.

Nasain'ny mpampianatra nilahatra haingana izahay. Vetivety dia tonga : ôtômôbilina maity mamirapiratra, misy saina kely eo ambonin'ny kodiarana aloha, narahin'ny ôtô maro hafa. Nidina avy ao ny olona ambony rehetra.

Nobaikoin'ny mpampianatra izahay hanao ny hirampirenena, dia nasandratra niaraka amin'izay ny saina.

Nanatona ny Ministra nandray tànana ny mpampianatra. Niditra izahay, dia niditra koa ny Ministra sy ny mpanotrona azy.

Niteny taminay ny Ministra : « Mianara tsara hianareo hoy izy. Hianareo no antoky ny ho avy. Raha tsy mahay tsara ny mpianatra, dia tsy handroso ny firenena ».

Nampitaintaina tokoa ny mijery ny Ministra.

Hazavao : Toy ny nolelafina — firavaka hafa — mpanotrona

Ohabolana : Ny arahaba toy ny hainandro, ka ny avo no tratrany aloha.

Famaranana

Tapitra hatreo ny fizarana voalohany amin'ny tantaran-dRatsimba valo mianaka. Hataontsika veloma mandrapihaona ary izy. Nahafinaritra antsika izany tantara izany, ary nahasoa antsika fatratra ; sady naizaantsika teny malagasy tsara no nahazoantsika hevitra kanto tokony ho tanterahina.

Mendrika ny halain-tahaka mihitsy manko ny fomba sy toeplainana nananan'izy valo mianaka. Mahatsapa Ratsimba mivady fa mahafinaritra izaitsizy ny monona eny ambanivo hitra, ary manana ny tombontsoany manokana ny lahasa eny antsaha. Tsy maintsy ezahina amin-kazotoana sy herimpo ny hanondrotana hatrany ny toeplainan'ny tena mivelona eny antsaha.

Ireo tombontsoa mahasoa sy mahafinaritra fahita eny amin'ny tanandehibe dia mety hananana tsara eny ambanivo hitra, indrina amin'izao toetrandro ankehitriny izao.

Na dia trano maniry eny ankebakeban-tsaha aza, dia mety manana elektrisite, raha miezaka amin'izany ny tompony.

Nanoro lèlana antsika amin'izany ny fanarahana ny fiainan-dRatsimba valo mianaka tia fandrosoana.

Hazavao : kanto — tombontsoa — toetrandro — ankebakebantsaha

Ohabolana : Ny lehilahy raha mandingana in-telo, mahita hevitra ; ny vehivavy raha miondrika inefatra, mahazo saina.